
# DINGANA FANANGANANA TETIK'ASA SY NY ANDRAIKITR'ISE MPIANDRAIKITRA




## FANKASITRAHANA - FIRAHALAHIANA

Ny firahalahiana dia fanamarihana ny nahavitàn'ilay tetik'asa amin'ny alalan'ny lanonana sy fiaraha-mifaly.

**Zokiolona** : Manampy ny mpitarika amin'ny fanomanana ny lanonana, Mankasitraka ny mpandray anjara rehetra na anatiny na ivelany, Mandrindra ny fizotry ny lanonana, Mampientana ny lanonana sy mikaroka hevitra hahatsara azy




## TOMBAN'EZAKA (Evaluation)

Tanjon'ny tomban'ezaka: jery todiky ny dingana rehetra natao, ny vina, ny asa, ny lamina ary ny paika; Fanatsaràna ny fomba fiasa sy ny andraikitra; Manome sehatra ny tsirairay amin'ny fanehoan-kevitra.

**Zokiolona :** Mikaroka lalao entina manao tomban'ezaka, Mahalala karazana tetika samihafa amin'ny fanaovana tomban'ezaka tetik'asa




## AMPAMOLOANA (Exécution - réalisation- production)

Sehatra hampiharana izay rehetra noketrehina, ka navonan'ny tsirairay, ary nifanekena fa hotanterahina nandritra ny Vontady ny AMPAMOLOANA.

**Zokiolona** : Manara-maso ny hevitra, ny lamina ary fizaran'asa tapaka, Mandrisika sy manohana ny mpitarika eo am-panatanterahana asa.




## FIOMANANA (tâche, logistique, budget)

**Zokiolona** : Mikaroka mialoha ny asa sahanin'ny tsirairay anatin'ilay tetik'asa sy ny tokony ataony, Mizara traik'efa na mikaroka olona mahafehy ireo andraikitra sahanina ho fianarana hoan'ny mpitarika, Mikaroka sehatra ahafahan'ny mpitarika na fokonolona mifehy ireo teknika samihafa anatin'ilay tetik'asa (budgetisation, TDR, Note conceptuelle...)




## FANDAMINANA (Plan d'action, stratégie)

**Zokiolona** : Mikaroka lalao momba ny lamina sy paik'ady, Mahalala ireo karazana lamina samihafa amin'ny fandrafetana tetik'asa, Manampy ny mpitarika hamaritra ny laharam-pahamehana




## VONTADY (décision, justification, objectif)

Fifampifehezana – fifampitondrana – fifamatorana fifanekena fokonolona mpandray anjara ankilany ; ireo hevitra na asa ho tanterahana andaniny.

**Zokiolona :** Mikaroka karazana lalao mahakasika ny fandraisana fanapahan-kevitra, Mandrindra ny fizotran'ny vontady, Mampandray andraikitra ny mpitarika amin'ny alalan'ny fitsipika




## KETRIKA (idée, rêve, attente)

KETRIKA no anarana iantsoana fivorian'ny Mpitarika ao amin'ny Sampana Menafify (Fokonolona– Fileovana). Ao amin'ity dingana ity no sehatra ifanakalozan-kevitra, ipoiran'ny hevitra iraisana ka ifanekena ho iaraha-manatanteraka.

**Zokiolona :** Manoro ny mpitarika ny fomba fiadian-kevitra mahomby, Mikaroka lalao manodidina ny fifanakalozan-kevitra, Mandrinda ny ady hevitra, Manampy ny mpitarika hahay haneho hevitra, Misarika ny fahaiza-mamorona eo anivon'ny mpitarika tsirairay

